# FOTOTRY NY ASA FANOMPOANA IV

## NY FINOANA AM-PAHENDRENA

Ity lesona ity dia misy cassette miaraka aminy : NY FINOANA.
Ny finoana matanjaka dia fototra tena ilaina raha hanompo an'Andriamanitra, ary izany dia voaseho amin'ny andinintsoratra masina voalaza ato anatin'ity lesona ity.

*** NY TENA ILANA NY FINOANA :**

-"...ny finoanao no efa nahasitrana anao..." (Mat 9:22)
-"... Tongava aminareo araka ny finoanareo..." (Mat 9 : 29)
-"...Ary ny fandresena izay enti-maharesy izao tontolo izao dia ny finoantsika" (I Jn 5:4)
-"Fa raha tsy amin'ny finoana, dia tsy misy azo atao hahazoana sitraka aminy..." (Heb 11:6)

-Aza mihevitra isika fa ho afaka mandresy amin'izao fiainana izao raha tsy mampivelatra ny finoantsika.

-"Fa ny marina no velon'ny finoany" (Hab 2:4) (Heb 10:38)
-ny hatsaran'ny fiainako dia mifandray amin'ny finoako ny andalan-tsoratra masina iray dia milaza hoe : "amin'ny finoana, ny iray kosa manamafy hoe : "amin'ny finoany".
Ny finoana dia raharaha manokan'ny tsirairay eo anatrehan'Andriamanitra izany hoe :
-izaho dia voantso mba hampitombo ny finoako, sy ny faharesendahatro.
-izaho dia tsy afaka (raha tsy hoe amin'ny fiantombohan'ny fiovako fo) hiaina amin'ny finoana na fanandramana na fandresen-dahatry ny hafa.
-Ny finoana tsy hoe mamerina ny ataon'ny hafa na manambara ny fanambaran'ny hafa ka manao hoe : Raha nety tamin'izy ireo izany dia mety amiko koa. Ny fiainako manokana dia miankina amin'ny finoako manokana.

*** NY FINOANA = FIDIRANA AMIN'NY FITAHIANA**

- "Ary na inona na inona no angatahinareo amin'ny fivavahana atao amin'ny finoana dia ho azonareo" (Mat 21:22)
- "Ary ny finoana no fahatokiana ny amin'ny zavatra antenaina..." (Heb 11:1)
- Ny dikan'io andinin-tsoratra Masina io amin'ny lahatsoratra fototra dia hoe : "NY FINOANA DIA ILAY TARATASY ARA-DALANA IZAY AHAZOANTSIKA MAHAZO NY ZAVATRA ANTENAINTSIKA"
- "Fa fahasoavana no namonjena anareo amin'ny finoana (sitrana afa-patorana, voajoro...)..." (Ef 2 : 8)
- "...ka nahita fa nanam-pinoana hositranina io" (Asa 14:9)

- Ny fitahiana dia toy ny andriam-by izay misintona fitahiana.Rehefa mahita olona manam-pinoana Andriamanitra dia voarisika hanao fahagagana.
- Ny manana finoana sy miasa amim-pinoana dia fanambarana ampahibe-maso eo anatrehan'Andriamanitra sy ny herin'izao tontolo izao fa : "matoky Anao aho n'inon'inona zavatra manohitra."
- misy ezaka tokony hataontsika mba hananana finoana, nefa izany tsy midika fa afaka manam-pinoana amin'ny al…lantsika isika.
- Andriamanitra dia tonga alohan'ny ezaka ataontsika, ny fikatsahantsika azy (mifanena amintsika eny an-d…lana Izy) ary manome antsika ny fanomezam-pahasoavana dia ny finoana :

**<u>* FINOANA = FANOMEZAN'ANDRIAMANITRA</u>**

- "...ary tsy avy aminareo izany fa fanomezana avy amin'Andriamanitra" (Ef 2 : 8)
- rehefa nateraka indray isika dia mandray fanomezana tsirairay avy = fatra iray amin'ny finoana.

**<u>*MISY FATRAN'NY FINOANA NATAO HO AN'NY TSIRAIRAY</u>**

Izany no dikan'ny andinin-tsoratra Masina hoe : "...araka ny ohatry ny finoana izay nozarain'Andriamanitra ho anareo avy" (Rom 12:3)
- Misy fomba roa azo andraisana io soratra masina io :
- na Andriamanitra nizara fatran'ny finoana samihafa ho an'ny tsirairay, na Andriamanitra nanome fatra mitovy ho an'ny tsirairay tamin'ny voalohany, ary io farany io no tena tsara.
- Ary izany fatra izany dia mitombo arakaraky ny tsirairay avy ny finoany.

**<u>* NY FINOANA DIA MIHOATRA NY HOE MINO</u>**

- "Izay mino ... no hovonjena" (Marc 10:16)
- Mino dia midika hoe (amin'ny lahatsoratra fototra) mitambatra ho iray.
- Tsy finoana ivelany no mamonjy antsika, fa finoana mafy.
- mafy tsy midika hoe sarotra. Afaka manana finoana sarotra ny olona nefa ety ivelany fotsiny.
- Ny finoana dia zavatra tsotra sady mafy (lalina)
- Betsaka ny olona no mino fa saingy ny finoany dia tsy "FINOAN'ANDRIAMANITRA = NY FINOANA IZAY MAHATONGA NY FAHAGAGANA AVY AMIN'ANDRIAMANITRA"

**<u>* NY FINOANA DIA HOE : MANDEHA NA MBOLA TSY MAHITA AZA = MAHITA AO AORIANA.</u>**

a) " fa finoana no andehanantsika, fa tsy fahitana" (2 Kor5:7)
- Fahitana = NY FAHATSAPANA SAMIHAFA AMIN'NY NOFO (Fandrenesana)
- " Fa ny nofo manohitra ny Fanahy" (Gal 5:17)
- Tsy afaka mahafantatra an'Andriamanitra amin'ny fandrenesan'ny nofo isika = ary tsy afaka miankina amin'ireo fandrenesan'ny nofo ireo isika fa mora miovaova ireo.

b) Fanamarihana : mila mandray fijanonana kely isika mitaha amin'ny zavatra tsapantsika.
Ohatra : Tsy mandray fanapahan-kevitra, na miteny zavatra amin'ny fotoana sasany (ohatra raha tezitra, reraka...), afaka miandry kely, ny ampitso, rehefa avy mivavaka, rehefa avy nameno ny vaoaratra.

d) Rehefa tsy fantatra ny antony mahatonga fahatsapana ho hafahafa no tsaratsara kokoa toy izay fantatra tsara (satria izany matetika dia vokatry ny faharerahana na antony hafa izay tsy ara-panahy akory).

e) Mandeha amim-pinoana dia mandeha ty araka ny masom-pahitana FA ARAKA NY MASOM-PANAHY izany dia midika hoe : MIJERY AN'I JESOSY = mifantoka tanteraka amin'ny teniny fa tsy miankina amin'ny zavatra hitan'ny maso na fihetseham-po.
- Nantsoina isika mba hampivelatra ny FAHATSAPANTSIKA ARA-PANAHY. Ny nofontsika dia manana fahatsapana (izay mamitaka antsika) dia toy izany doa ny fanahintsika manana fahatsapana (marina) izay azo ampitomboina.
- AOKA TSY HADINOINTSIKA NY FANAHINTSIKA.

**<u>* NY FINOANA DIA FANAPAHAN-KEVITRA FA TSY FIHETSEHAM-PO IHANY</u>**
- Manapa-kevitra aho fa tsy hatahotra intsony, toheriko ny tahotra, tsy ho mora taitaitra aho na dia misy zavatra HENON'NY TENAKO AZA (amin'izany fotoana izany).
- Ataovy miavaka tsara ny fihetseham-ponao sy ny tena maha-ianao anao. Paoly dia ilaza hoe : "Tao amiko ny ota", "ary amin'izany tsy izaho intsony no manao izany, fa ny ota izay mitoetra ato anatiko". Paoly dia nanavaka tsara ny tenany sy ny nofony (Rom 7)

**<u>* FOTO-KEVITRA ROA TENA ILAINA AMIN'NY FINOANA = MINO AMIN'NY FO, MANAIKY AMIN'NY VAVA</u>**
- "Fa amin'ny fo no inoana hahazoana fahamarinana, ary amin'ny vava no anekena hahazoana famonjena" (Rom 10:10)
- Mino amin'ny finoan'Andriamanitra dia tsy an'eritreritra fa amin'ny fo aloha.
- Avy amin'ny fo izany no anamarinana antsika (=manarona antsika amin'ny fahamarinan'i Kristy) eo anatrehan'Andriamanitra
- Manaikay amin'ny vava = MITENY ARAK'IZAY INOANA = mifanaraka amin'ny tenin'Andriamanitra = amin'ny alalan'izany fanekena sy teny fikasana izany no mahatanteraka ny vokatry ny famonjena ety an-tany.
- Manaiky = manaiky an'i Kristy, izany no mahatanteraka ny famonjena satria Jesosy dia nilaza fa izay mand… Azy dia mba holaviny koa.
- Manaiky = manaiky ny fanasitranana, ny fanafahana, ny fanambinana ... sns ao amin'i Kristy.

**<u>* MAHAFANTATRA NY HERIN'NY FANEKENA (na fanambarana)</u>**
- Andriamanitra dia manambara ao anatin'ny teniny fa hatao aminareo araka izay nolazainareo (Nomery 14:28)
- Mety ho voafandriky ny teny naloakin'ny vavany ny olona (Ohab 6:2)
- "Ny vokatry ny vavan'ny olona no mahavoky soa azy" (Ohab 12:14 ; 13:2)
- Ary ny zavatra rehetra vokatry ny fanambarana nataon'Andriamanitra : "Ary Andriamanitra nanao hoe ... Andriamanitra nanao hoe : "Misia mazava, dia nisy mazava" (Gen I)
- Ny anjely izay natao hikarakara antsika dia miasa na tsy miasa (Heb 1:14) arakaraky ny fanambarantsika satria ny fanambarantsika dia tena iraka marina ho azy ireo.
- Satria izy ireo dia tsy mankato raha tsy ny didin'Andriamanitra (Sal 103:20).
- Izany teny izany dia mivoaka amin'ny vavantsika (Sal 119:13) (Rom 10:8)
- Mpitoriteny 5:5 : "Aza avela hahatonga heloka amin'ny tenanao ny vavanao, ary aza manao eo imason'ny anjely hoe ...". (Heb 1:14 = ny anjely dia iraka hanao asa fanompoana ho antsika). Tsy hoe fiheverana fotsiny izany.
- HEVERO NY TONTOLO ARA-PANAHY IZAY MANODIDINA ANTSIKA

## * NY FINOANA DIA MIPETRAKA AMIN'NY FOTOANA TELO :

- NY LASA : Ny finoana dia mametraka ny fahatokiana amin'ny zavatra izay efa NOTANTERAHIN'I JESOSY TALOHA. (Ef 1:3)
- "... ary ny dian-kapoka taminy no nahasitranana anareo" (I Pet 2:24)
- Jesosy dia nilaza, roa arivo taona lasa izay teo ambony hazo fijaliana hoe "Vita" = ny zavatra rehetra no vita = tsy azo ampiana intsony.
- Ny finoana tena mafy orina dia tsy maintsy miorina amin'ny zavatra efa tanteraka teo aloha.

- NY ANKEHITRINY : Ny finoana dia ny fandraisana ankehitriny ny fitahiana.
- "... ka tsy hiahanahana ao am-pony, fa hino fa ho tonga ny zavatra lazainy, dia ho azony izany." (Mark 11:24)
- "...fantatsika fa azontsika izay angatahintsika aminy" (I Jn 5:15)
- Aza miandry ny ampitso : minoa ianao androany fa Andriamanitra manome, dia ekeo izany.

- NY HO AVY : ny amin'ny ho avy dia ny fahatongavan'ny fitahiana.
-"... minoa fa efa nandray hianareo, dia ho azonareo izany" (Mark 17:24)
- izany ho avy izany dia mety ho ela mety ho fainganan na minitra, na segondra, na andro, na ora, na volana, arakaraky ny zava-miseho ihany

## * NY FINOANA MARINA = NY FINOAN'ANDRIAMANITRA = FINOANA AM-PAHENDRENA.

- Mark 11:22 : "man…na finoana an'Andriamanitra" : lahatsoratra fototra = man…na ny finoan'andriamanitra.".

## * MISY KARAZAM-PINOANA SAMIHAFA ETY AMBONIN'NY TANY :

- Ny finoana amin'ny herin'ny tsirairay;
- Ny finoana "raplapla" am-bava fotsiny;
- Ny finoana "afo-mololo";
- Ny finoana "mekanika" (m,canique);
- Ny finoana tsy mandeha amin'ny fitiavana;
- Ny finoana entina misedra olana;
- Ny finoana miankina amin'ny ho avy : "indray andro any...";

- Fa isika kosa nantsoina mba hampivelatra ny finoan'Andriamanitra = izay mifandray amin'ny toetran'Andriamanitra.

## * FANAMARIHANA MILA DINIHINA

- Mora ny manana finoana rehefa tafiditra ao amin'ny fihevitr'Andriamanitra (plan), sarotra kosa ny ananana azy raha ohatra ka ao anatin'ny fihevitry ny tena manokana nefa tiana ho tanteraka amin'ny finoana, amin'ny fomba rehetra.
- Tena zava-dehibe ny fitadiavana fananana finoana, ary mametraka izany finoana izany amin'ny FOTOANA MAHAMETY AZY.
- Andriamanitra dia manampy antsika ihany raha ao anatin'ny tsy tena sitrapony isika fa tsy ao anatin'ny tena tiany, kanefa voafetra izany fanampiany izany, ny finoantsika koa izany dia voafetra ihany koa.

- Rehefa ao anatin'ny fihevitr'Andriamanitra isika, ny fampiharantsika ny finoantsika dia mitondra vokatra be lavitra noho ny heverintsika, ary izany dia voafaritra ao amin'ny Efesiana 3:20.
- Rehefa ao anatin'ny fihevitsika isika (tsy tena sitrapon'Andriamanitra), ny vokatry ny finoantsika dia ambany lavitra noho izay antenaintsika.
- Miqy zava-doza mety mitranga amin'ny fianarana ny finoana hoe : mahafantatra tsara ny fototry ny finoana (mino sy manaiky) nefa tsy MANAJA ireto fepetra (antony) manaraka ireto :

A/- NY FINOANA DIA : (tsy maintsy) MIFOTOTRA AMIN'NY TENIN'ANDRIAMANITRA

(Rom 10:17) = amin'ny sitrapon'Andriamantira (I Jn 5:14)
- Na amin'ny al…lan'ny famakiana ny tenin'Andriamanitra izany na amin'ny fifandraisanao manokana amin'ny Fanahin'Andriamanitra.
- Tena zava-dehibe izany ny fahafantarana tsara ny tenin'Andriamanitra sy ny teny fikasana mba hampivelatra tsara ny finoantsika ka ho tsara fototra.
- Ilaina koa ny ahafantarantsika ny Tompo miresaka amintsika fa izany mbola ho hitantsika amin'ny lesona manaraka.
- Izany teny izany dia tsy maintsy azo tsara. Tsy manahaka fotsiny ny hafa : "raha tsy nety taminy dia tsy maintsy mety amiko koa."
- Ny rhema = ny fanambarana ny teny azo manokana no miteraka fahagagana fa tsy ny teny fotsiny ihany.

B/- NY FINOAN'ANDRIAMANITRA DIA AVY AMIN'NY FO (Rom 10:10)

"Tandremo ny fonao mihoatra noho izay rehetra tokony hotandremana : fa avy aminy no ihavian'ny aina" (Ohab 4:23)
- Tsy maintsy inoako izay ekeko (ambarako) fa tsy hoe manaiky aho mba hinoako.
- Ny finoana dia tsy tokony ho fomba fa fanehoana ny tena ato anatiko lalina.

D/- NY FINOAN'ANDRIAMANITRA DIA ASEHO AMIN'NY FANEKENA AMIN'NY VAVA (efa hitantsika)

E/- NY FINOAN'ANDRIAMANITRA DIA TSY MAINTSY MISY ANTONY TSARA

(bonne motivation)
- Jakoba dia niteny hoe : "Mangataka hianareo, nefa tsy mahazo ihany, satria diso fangataka, mba holaninareo amin'ny filanareo" (Jak 4:3)
- Misy ny fangatahana noho ny fitiavan-tena, izay tsy manana tanjona ny hanome voninahitra an'i Kristy aloha. Ohatra antony ratsy : te-hahazo vola satria vola, te-ho mafy hampisehoana hery, te-haminany mba ho tahaka ny hafa koa ...sns.

F/- NY FINOAN'ANDRIAMANITRA DIA MAHARITRA (Rom 5:3)

- Ny finoana tsy hoe vaha-olana moramora;
- misy ady amin'ny finoana (I Tim 1:18)

Izany dia midika hoe : faharetana amin'ny fitazomana ny tenin'Andriamanitra ho eo ambany maso mandrakariva, mino amin'ny fo, manaiky amin'ny vava ary mijanona ao amin'ny antony tsara.

G/- NY FINOAN'ANDRIAMANITRA MANDRESY NY TAHOTRA (Fil 4:6) (Mat 8:16); (Mat 14:30)

- Ny tahotra dia mifanohitra amin'ny finoana;

- Izy no mpanapaka ny finoana
- Jereo Petera nandeha teo ambony rano, efa nanomboka ny fahagagana, ny tahotra no nampijanona azy.

Ny finoana : na dia mahita aza dia ataovy ho toy ny tsy misy na inona na inona : Abrahama dia tsy nihevitra ny tenany ho efa reraka (Rom 4:19)

H/- NY FINOAN'ANDRIAMANITRA DIA MANOME LANJA NY FOTOAN'ANDRIAMANITRA

- Misy ny zavatra izay natao ho tanteraka mialoha fa ny sasany mila miandry ny fotoan'Andriamanitra.
- Tahaka ny vehivavy bevohoka, alohan'ny sivy volana dia mbola tsy fotoanany. Kanefa, izany dia tsy manakana ny fiainan'ny zaza ao anaty kibo.
- Ny finoana sy ny fahendrena = fanambarana ny planin'Andriamanitra izay tsy maintsy miaraka miasa.

I/- NY FINOAN'ANDRIAMANITRA DIA NY FINOAN'NY OLONA IRAY IZAY MANANA FIAINANA ARAKAN'ANDRIAMANITRA.

- Andriamanitra dia tsy mamaly vavaka ny mpanota, fa raha misy manaja azy sy manao ny sitrapony dia izy no valiany vavaka. (Jn 9:31)
-" Ny finoana izay miasa amin'ny fitiavana" (Gal 5:6), fiainana arakan'Andriamanitra = mandeha amin'ny fitiavana

J/- NY FINOAN'ANDRIAMANITRA DIA FINOAN'NY OLONA IRAY IZAY MIVAVAKA

- Mampiasa ny finoana tsy misy fiainam-bavaka dia toy ny manadrana mandefa milina iray amin'ny vatoaratra efa lany.
- Ny fiainam-bavaka dia loha-hevitra iray amin'ny lesona manaraka.
- Jesosy dia niteny mba hivavaka tsy hilatsahana amin'ny fakam-panahy = mivavaha mba hahatonga ny finoanareo afaka hisedra olana.

K/- NY FINOAN'ANDRIAMANITRA DIA FINOANA MIASA

- "... maty toy izany koa ny finoana, raha tsy miasa" (Jak 2:26)
- Ny Tompo dia maneho ny heriny noho ny finoantsika, sy amin'ny al…lan'ny asan'ny finoana asehontsika.
- Tsy hoe rehefa asa dia mety fa izay tena avy amin'ny fontsika.
- Afaka manana fahatokiana tanteraka an'Andriamanitra isika kanefa raha maniraka antsika izy fa tsy mihetsika isika, ny finonantsika dia tsy hiteraka fahagagana mihintsy.
- Alohan'ny hanao fahagagana Jesosy sy ny mpianany dia nahita ny finoan'ny olona, ary dia niteny hoe "mitsangana". Ary tao aorian'izay vao tanteraka ny fahagagana.

*** FAHAMARINANA TSARA HO FANTATRA**

a) Andriamanitra dia mamaly antsika amin'ny finoana kely amin'ny voalohany (fiainantsika kristianina), raisina toy ny zaza isika.
b) MANOME FOTOANA HAMPIJOROANTSIKA NY FINOANTSIKA IZY.
- Natao hitady fampianarana ao anatin'ny tenin'Andriamanitra isika = mba hitombo
d) Kanefa rehefa afaka taona maromaro dia miantso antsika izy mba hampivelatra ny finoana "IZAY FAHATOKIANA NY ZAVATRA ANTENAINA, FANEHOANA NY ZAVATRA TSY HITA" (Heb 11:1)
- Raha tsy izany dia tsy hahazo zavatra avy amin'i Tompo isika (Jak 1:7)

*** FANAMARIHANA** :
Ao anatin'ireo zavatra telo ireo dia misy fototra iray tsy maintsy azon'ny zanak'Andriamanitra tsirairay avy. Koa dia angatahiko ny tsirairay mba hanana fotoana handinihana azy tsara.

* Raha te-hanompo Andriamanitra isika dia tsy maintsy manamafy ny finoantsika.

- Ao amin'ny Hebreo 11, dia miteny ireo maherifon'ny finoana tamin'ny fotoana teo aloha, izay nampiasa ny finoana mba hiatrehany ireo olana maro.
- Nampahafantarina antsika ny finoan'izy ireo mba handehanantsika toa azy ireo koa.

- Isika no mahery fo amin'izao ankehitriny izao!

Fotora iray tahaka ny azy ireo ihany, izay nahafahany nandresy no tokony handehanantsika amin'ny herin'ny Fanahy Masina dia ny "FINOANA".